

A Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy ho an'i Jaona (Apokalypsy 1:9-18)

❖ Taiza: Tao Patmô (1:9)

— INONA NO ZAVA-NISY TAO PATMÔ?

(1) Patmô dia nosy be harambato sady karakaina (16x10 km). Nampiasain'ny Romanina ho fonja ho an'ireo mpandika lalàna natao sesiteny izy io.

— NAHOANA NO TANY JAONA?

(1) Voaheloka ho heretika izy rehefa tena antitra, satria nitory ny amin'i Jesosy Kristy. Ny emperora Romanina Domitien no nanao sesi-tany azy tany (81 - 96 AD)

— INONA NO NATAON'I JESOSY HO AN'NY JAONA?

(1) Nitondra teny fanantenana sy fankaherezana ho an'i Jaona Jesosy, toy izay nataony tamin'ireo zatovolahy tao anaty lafaoro nisy afo nirehitra sy tamin'i Stefana rehefa novonoina izy.

— Mahazo matoky isika fa homba antsika mandrakariva Jesosy amin'ny fotoana izay handalovantsika ady sarotra noho ny fijoroantsika mahatoky.

❖ Oviana: Tamin'ny andron'ny Tompo (1:10)

— Ahoana no tokony handikantsika ny “Andron'ny Tompo”?

(1) Alahady: Ny nanondroana voalohany ny Alahady ho ny “Andron'ny Tompo” dia tamin'ny faran'ny taonjato faha-roa. Tsy mbola nidika ho “Alahady” izany tamin'ny andron'i Jaona.

(2) Ny Fiaviany Fanindroany: Dia ho midika izany fa efa nandray ny fahitana momba ny Fiaviana Fanindroany i Jaona tamin'izy nandray ity Fanambarana vaovao ity (Isa. 13:6; 2Pet. 3:10). Tsy manohana io tsanga-kevitra io ny andalan-teny manaraka ao amin'ny Apokalypsy.

(3) Sabata: Ao amin'ny Testamenta Taloha, Andriamanitra (ny Tompo) dia miantso ny Sabata ho “azy”, noho izany Androny io (Eks. 31:13; Isa. 58:13). Jesosy koa dia nilaza ny tenany ho “Tompon'ny Sabata” (Mat. 12:8; Mar. 2:28). Noho izany, dia tamin'ny Sabata, Andron'ny Tompo no nandraisan'i Jaona ny Apokalypsy.

❖ Amin'ny fomba ahoana: Amin'ny maha-Mpisoronabe Azy (1:12-18)

— Ahoana ny endrika ara-batan'i Jesosy ao amin'ny Apokalypsy 1? Ampitahao ny Apokalypsy 1:13-16 amin'ny Daniela 10:5-6.

— Mitovy ny fahitan'izy roa. Samy nahita fahitana an'i Jesosy Kristy ireo mpaminany roa ireo. Nanoritra manokana ny amin'ilay akanjo lava izay hitan'i Jaona i Daniela: akanjo rongony fotsy (fitafian'ny mpisoronabe).

— Ny hafatra ho an'ny fiangonana tsirairay dia miatomboka amin'ny hoe “fantatro ny asanao.” (2:2, 9, 13, 19; 3:1, 8, 15). Eo afovoan'ny olony mandrakariva Jesosy. Fantany ny olony ary fantany tsirairay isika.

— Izy no llay maty nefa velona indray. Izy no manana ny fanalahidin'ny fahafatesana. Manan-kery lehibe amin'ny fahafatesana izy sady mikarakara ny velona.

B Ny taratasy ho an'ny fiangonana fito (Apokalypsy 1:11, 19-20; 2:1-7)

❖ Ahoana ny fomba handraisana izany (1:11, 19-20)

— Azo adika amin'ny fomba telo samihafa sy ambaratonga hafa ny hafatra ho an'ny fiangonana fito tany Azia (1:19):

(1) EO NO HO EO (ARA-TANTARA): Hafatra avy amin'i Jesosy ho an'ny fiangonana tsirairay hita any amin'ireo tanàna fito any Azia Minora tamin'ny andron'i Jaona.

(2) AMIN'NY HO AVY (ARA-PAMINANIANA): Hafatra ho amin'ny vanim-potoana samihafa amin'ny tantaran'ny Fiangonana, nanomboka tamin'ny andron'i Jaona ka mandrak'ankehitrilo.

(3) MANERANA AN'IZAO REHETRA IZAO: Hafatra ho an'ny fiangonana tsirairay sy ny mpino mandritra ny fotoana rehetra teo amin'ny tantara.

❖ Ny hafatra ho an'ny fiangonana tao Efesosy (2:1-7)

— Efesosy dia tanàna lehibe indrindra tany Azia. Mpitandrina tany amin'izany tanàna izany i Jaona, tanàna izay feno faharatsiam-pitondrantena sy fanaovana ody ratsy (Asa 19:19)

— Nitoetra matanjaka ny fiangonana tao amin'izany tontolo mikorontana izany. Nefa, nanadino ny fitiavany voalohany izay toy izay nataon'i Israely fahiny (Jeremia 2:2)

— Io fiangonana io no maneho ny Fiangonana Kristiana tamin'ny taonjato voalohany (manodidina ny 31 AD - 100 AD)

— Andeha hanaraka ny tari-dalana avy any ambony mba hitazonana ireo toetra tsarany ary ialana amin'ireo fahadisoany:

(1) Tsarovy ny fitiavanao voalohany;

(2) Mibebaha;

(3) Manaova asa tsara.